


Boaty Tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana



Ny fianakaviana tsirairay sy ny tanàna tsirairay dia tokony manana tahirim-panafody sy fitaovana fitsaboana efa vonona raha sendra vonji-taitra:

- Mila manana TAHIRIM-PANAFODY (jereo p:334) ilaina amin'ny vonji-taitra, otrikaretina tsotra, ary ireo olana ara-pahasalamana tena mahazatra avokoa ny fianakaviana.
- Ny tanàna dia mila manana tahirim-panafody sy fitaovam-pitsaboana feno kokoa (jereo nyTAHIRIM-PANAFODY SY FITAOVAM-PITSABOANA HO AN'NY IRAY TANANA, p. 336) misy ireo vatsy ilaina amin'ny fikarakarana ny olana mpiseho andavanandro ary koa afaka hitsaboana ny aretina mampidi-doza sy vonji taitra. Tokony ho olona manana andraikitra no hisahana amin'io boaty io—mpiasan'ny fahasalamana, mpampianatra, ray aman-dreny, mpitazona fivarotana, na olona atokisan'ny fiaraha-monina. Raha azo atao dia tokony mandray anjara amin'ny fametrahana ary mandoa vola amin'ilay tahirim-panafody sy fitaovam-pitsaboana ny mpikambana rehetra ao amin'ilay tanàna. Ireo afaka mandoa vola betsaka dia tokony mandoa betsaka kokoa. Saingy tokony ho fantatry ny rehetra fa **ilay fitaovam-pitsaboana dia tombtoan'ny rehetra**—na hoan' izay afaka mandoa vola na hoan' izay tsy afaka.

Ato anatin'ireo pejy manaraka dia hahita torohevitra maro mikasika ireo zavatra azo atao ao anatin'ilay tahirim-panafody sy fitaovam-pitsaboana. Mety ilainao ny manova io lisitra io mba hifandraika kokoa amin'ny zavatra ilaina sy ny enti-manana eo amin'ny faritra misy anao. Na dia ny fanafody maoderina aza no betsaka ao anatin'ny lisitra dia azo atao ao anatiny koa ny fanafody namboarina tao an-trano ary mandaitra tsara.

Firy amin'ireo fanafody ireo no tokony hanananao?


Ny habetsaky ny fanafody atoro ho an'ny tahirim-panafody sy fitaovam-pitsaboana dia ny isa kely indrindra afaka raisina. Indraindray dia izay ampy **hanombohana** fitsaboana fotsiny ihangy. Mety ilaina ny fitondrana ilay marary eny amin'ny hopitaly na manome azy fanafody betsaka kokoa eo no ho eo.

Ny habetsaky ny isan'ny fanafody tehirizinao ao anatin'ny boaty dia miankina amin'ny habetsaky ny olona natao hampiasana azy sy ny halavity ny toerana alehanao hividry indray rehefa lany ny sasany. Izany koa dia miankina amin'ny vidiny sy ny vola eo am-pelatanana'ny ankohonana sy ny tanàna . ny sasany amin'ireo fanafody ho an'ny tahirim-panafodinao dia lafo, kanefa fahendrena ny manana ireo fanafody tena ilaina eo am-pelatanana hiatrehana ny tampoka. Fanamarihana: **Ny tahirim-panafody sy fitaovam-pitsaboana ho an'ny fiterahana**—ireo zavatra tokony vononin'ireo mpampivelona sy ireo rena bevohoka rehefa hiteraka—dia natao lisitra ao amin'ny pejy 254 hatramin'ny 255.


AHOANA NY FOMBA FIKOLOKOLOINA NY TAHIRIM-PITSABOANA

1. TANDREMO: **Ataovy amin'ny toerana tsy mora takatry ny ankizy ny fanafody.** Ny fanafody hanina amin'ny fatrany betsaka dia poizina.
2. **Ataovy antoka tsara fa misy anarany tsara ny fanafody rehetra ary voatahiry miaraka amin'ny fanafody tsirairay ny fomba fampiasana azy.** Mitehiriza dika mitovy amin'ity boky ity miaraka amin'ny boaty fitoeram-panafody sy fitaovam-pitsaboana.
3. **Tehirizo amin'ny toerana madio, maina ary mangatsiaka ny fanafody rehetra sy ny fitaovam-pitsaboana,** lavity ny kadradraka sy ny voalavo. Arovy ny fitaovana, kaompresy, ary vovon-dandihazo amin'ny alalan'ny famonosana azy amin'ny harona plastika mihidy.
4. **Mitehiriza vatsim-panafody tena ilaina azonao raisina amin'ny fotoana rehetra.** Rehefa avy mampiasa fanafody iray dia soloy haingana araka izay azo atao.
5. **Jereo tsara ny fotoana maha LANY DATY ny fanafody tsirairay.** Raha nihoatra ilay daty na toa simba ilay fanafody dia simbao izany ary mahazoa fanafody vaovao.

Fanamarihana: Ny fanafody sasany, indrindra ny tetracyclines, dia mety hampidi-doza raha mihoatra ny daty voatondro. Na izany aza, ny penicillin amin'ny endriny maina (vongam-panafody na vovoka ho an'ny sirô na ho an'ny tsindrona) dia mbola afaka ampiasaina taona iray aorian'ny fihoarany fotoana mahalany daty azy raha notehirizina tamin'ny toerana madio, maina ary mangatsiatsiaka. Ny penicillin efa tonta dia very hery ka mety ilainao ny mampitombo ny fatrany. (TANDREMO: Na dia azo antoka aza izany amin'ny penicillin, matetika dia mampidi-doza ny manome fatrany mihoatra ireo fanafody hafa).



Ataovy amin'ny toerana tsy mora takatry ny ankizy ny fanafody.



MIVIDY VATSY HO AN'NY TAHIRIM-PANAFODY SY FITAOVAM-PITSABOANA

Ny ankabeazan'ireo fanafody natoro ato anatin'ity boky ity dia azo vidiana eny amin'ny farmasia amin'ny tanan-dehibe. Raha fianakaviana maro na ny iray tanàna no in-dray miaraka mividy izay ilain'izy ireo dia omen'ny farmasiana fihenam-bidy izy ireo matetika. Na raha afaka vidiana eny amin'ny mpamongady ny fanafody dia mety ho mora vidy kokoa.

Raha tsy manana marika fanafody tadiavinao ny farmasiana dia marika hafa vidiana, saingy ataovy azo antoka fa ilay fanafody tadiavinao izany ary jereo ny fatrany.

Rehefa mividy fanafody ianao dia ampitahao ny vidiny. Ny marika sasany dia lafo kokoa noho ireo hafa na dia mitovy ihany aza ilay fanafody. Tsy voatery ho tsara kokoa ny fanafody lafo. Rehefa afaka manao izany ianao dia **mividiana fanafody tsy misy marika fa tsy fanafody misy anarana marika**, satria ireo fanafody tsy misy marika matetika dia mora vidy. Matetika dia mitsitsy vola kokoa ianao amin'ny fividianana maro. Ohatra, ny tavoahangy 600,000-Unit ny penicillin dia mihoatra kely fotsiny ny vidiny raha oharina amin'ny tavoahangy 300,000-Unit—koa video ilay tavoahangy lehibe kokoa ary zarao ho fatra roa izany.



NY TAHIRIM-PANAFODY SY FITAOVAM-PITSABOANA AO AN-TRANO

Ny ankohonana tsirairay dia tokony manana ireto zavatra ireto ao anatin'ny tahirim-panafody sy fitaovam-pitsaboany. Ireo fitaovana ireo dia tokony ho ampy hitsaboana ireo olana mpitranga eny ambanivohitra.

Asio fanafody namboarina tao an-trano ihany koa ao anatin'ny boatim-panafody sy fitaovam-pitsaboanareo.

FITAOVANA

Fitaovana	Vidiny (soraty)	Isany Voalaza	Jereo ny pejy
-----------	--------------------	------------------	------------------

HO AN'NY RATRA SY ARETIN-KODITRA:

Nonon-tanana vita amin'ny fingotra na plastika na harona plastika ho an'ny tananao	_____	1 fonosana kely	75
Kaompresy madio ao anaty fonosana mihidy mandeha tsirairay	_____	20	97, 218
Bandy gauze mihorongorona 2,5-, 5-, sy 7,6 sm.	_____	2 avy	87
Vovon-dandihazo madio		1 fonosana kely	14, 72, 83, 254
Riba misy dity (platira misy dity), Mihorongorona lehibe 2,5 sm.	_____	2 horonana	85
savony—raha azo atao dia savony mamono otrikaretina toy ny Betadine	_____	1 bara na tavoahangy kely	370
alikaola 70%	_____	½ liter	72, 201, 211, 254
Eau oxygénée, ao ana ty tavoahangy matroka	_____	1 tavoahangy kely	183, 213
Vaseline ao anaty tavoara na tioba kely	_____	1	91, 97, 141, 199
Vinaingitra fotsy	_____	½ litatra	241, 294 309
solifara	_____	100 g.	205, 206, 211
hety (madio, tsy arafesina)	_____	1	85, 254, 262
fitaovana fanogotana volo maranitra ny lohany	_____	1	84, 175

HO AN'NY FANDREFESANA HAFANANA:

Fitaovam-pitsapana hafanana: ho an'ny vava ho an'ny lava-body	_____	1 avy	30, 41
---	-------	-------	--------

HIHAZONANA NY DION'NY VATSY :

harona plastika	_____	maromaro	195, 332
-----------------	-------	----------	----------

FANAFODY

Fanafody	Marika eo an-toerana (tsy misy marika)	Vidiny (soraty)	Isany (soraty)	Jereo ny voalaza pejy
----------	---	--------------------	-------------------	-----------------------------

HO AN'NY OTRIKARETINA ATERAKY NY

BAKTERIA:

1. Vongana penicillin, 250 mg.	_____	_____	40	350
2. Cotrimoxazole (sulfamethoxazole, 400 mg., miaraka amin'ny trimethoprim, 80 mg.)	_____	_____	100	357
3. Ampicillin kapisily, 250 mg.	_____	_____	24	352

HO AN'NY KANKANA:

4. Vongana mebendazole	_____	40 vongana na 2 tavoahangy	100	373
---------------------------	-------	-------------------------------	-----	-----

HO AN'NY HAFANANA SY

FANAINTAINANA:

5. Vongana aspirinina, 300 mg. (5 voa)	_____	50	378
6. Vongana acetaminophen, 500 mg.	_____	50	379

HO AN'NY TSY FAHAMPIAN-DRA:

7. Fera (ferrous sulfate), 200 mg, pilina (tsara raha misy vitamina C sy acide folique ny pilina)	_____	100	392
--	-------	-----	-----

HO AN'NY LAGALY SY HAO:

8. Permethrin	_____	1 tavoahangin- tsavony fanasana loha 1 tioba menaka fanosotra	372
---------------	-------	---	-----

HO AN'NY HIDIHIDY SY

FANDOAVANA:

9. Vongana promethazine, 25 mg	_____	12	385
--------------------------------	-------	----	-----

HO AN'NY ARETIN-KODITRA

MALEFAKA:

10. Violet de Gentiane, tavoahangy kely; antibiotika miendrika menaka fanosotra	_____	1 tavoahangy 1 tioba	370
--	-------	-------------------------	-----

HO AN'NY ARETI-MASO:

11. antibiotika miendrika menaka fanosotra	_____	1 tioba	378
---	-------	---------	-----

**NY TAHIRIM-PANAFODY SY FITAOVAM-PITSABOANA HO AN'NY IRAY
TANANA**

Tokony misy ireo fanafody sy fitaovana rehetra voalaza ao anatin'ny Tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana ao An-trano, saingy amin'ny isany betsaka kokoa, miankina amin'ny hangezan'ny tanàna sy ny halavirana mihoatra amin'ny toera-mpividianana azy. Ny Tahir ho an'ny iray tanàna ihany koa dia tokony ahitana ireto zavatra voatanisa eto ireto; maro amin'izy ireo no fitsaboana aretina mampidi-doza kokoa. Tsy maintsy soloinao na ampianao arakaraky ny aretina misy eo amin'ny faritra misy anao ny lisitra.

FITAOVANA FANAMPINY

Fitaovana	Vidiny	Isany	Pejy
FANINDRONANA:			
seraingy 5 ml	_____	2	
Fanjaitra # 22, 3 sm. ny halavany	_____	3-6	65
# 25, 1 1/2 sm. ny halavany	_____	2-4	
HO AN'NY OLANA EO AMIN'NY FIVALANAN-DRANO:			
catetera (fingotra na plastika # 16 French)	_____	2	239
HO AN'NY FOLAKA SY LALAN-DRA MIVONTO:			
Bandy azo roritina, 5 and 7,6 sm. ny halehibeny	_____	3-6	102,175 213
HO AN'NY FIJERENA NY AO ANATIN'NY SOFINA, SNS:			
jiro kely	_____	1	34, 255

FANAFODY FANAMPINY

Fanafody	Marika eo an-toerana	Vidiny	Isany	Pejy
HO AN'NY OTRIKARETINA MAHERY VAIKA:				
1. Penicillin, tsindrona; raha iray ihany, procaine penicillin 600,000 U. isaky ny ml.	_____	_____	20-40	351
2. Ampicillin, tsindrona 250 mg. tavoahangy kely sy/na streptomycin	_____	_____	20-40	352
Tavoahangy kely 1 g. raha ampiasaina miraka amin'ny penicillin (raha lafo loatra ny ampiçillin	_____	_____	20-40	353
3. Tetracycline, kapisily Na vongany 250 mg.	_____	_____	40-80	356
HO AN'NY OTRIKARETINA ATERAKY NY AMIBASY GIARDIA:				
4. Metronidazole, vongany 250 mg.	_____	_____	40-80	368
HO AN'NY FANINTONA:				
5. Phenobarbital, Vongany 15 mg.	_____	_____	40-80	389

HO AN'NY TSY FAHAZAKANA MAHERY**VAIKA SY ASMA MAHERY VAIKA:**

6. Epinephrine (Adrenalin)
tsindrona, tavoahangy kely 1 mg.

_____ 5-10 385

HO AN'NY ASTMA:

7. Salbutamol, fitaoavam-pifohana
Rivotra vonjy maika

_____ 1 384

HO AN'NY FANDEHANAN-DRA BE**AORIAN'NY FITERAHANA :**

8. Oxytocin atao tsindrona, 10 Units/ml.
na vongana Misoprostol 200 mcg.

_____ 6-12 18-36 390

FANAFODY HAFA ILAINA AMIN'NY FARITRA MARO FA TSY IZY REHETRA**AMIN'NY TOERANA MISY FAHAMAINA MASO (XEROPHTHALMIA):**

- Vitamina A, kapisily 200,000 U.

_____ 10-100 391

AMIN'NY TOERANA BE TETANOSY:

- Antitoxin ho an'ny tetanosy, 50,000 units
(Namainina tamin'ny hatsiaka raha azo atao)

_____ 2-4 tavoahangy 388

AMIN'NY TOERANA BE KAIKITRY NY BIBILAVA SY TSINDRONA MAINGOKA:

- Fiadiana amin'ny poizina
manokana

_____ 2-6 387

AMIN'NY TOERANA BE TAZO:

- Fitsaboana mikambana mifototra
amin'ny Artemisin
na fanafody rehetra atoro
amin'ny faritra misy anao.

_____ 50-200 363- eo 367

MBA HISOROHANA NA HITSABOANA FANDEHANAN-DRA EO AMIN'NY ZAZA VAO TERAKA TSY AMPY LANJA:

- Vitamina K, tsindrona 1 mg.

_____ 3-6 392

FANAFODY HO AN'NY ARETINA MITAIZA

Mety fahendrena nefà mety tsy ho fahendrena ihany koa ny fanana fanafody ho an'ny aretina mitaiza toy ny **raboka, habokana, sy bilarziozy** ao anatin'ny Tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana ho an'ny Iray Tanàna. Mha hahalalàna fa voan'ny iray amin'ireo aretina ireo ny olona iray, matetika dia misy filitaliana tokony atao eny amin'ny tobim-pahasalamana, toerana izay ahazoana ny fanafody ilaina. Miankina amin'ny zavamisy eo an-toerana sy ny fahaizana ara-pitsaboan'ny tompon'andraikitra no hampiridana ireo fanafody ireo sy fanafody hafa ao anatin'ny Boaty misy ny Tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana ho an'ny Iray Tanàna.

VAKSINY

Ny vaksiny dia tsy natao tao anatin'ny Tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana ho an'ny Iray Tanàna satria izany dia omen'ny Samapan-draharahan'ny Fahasalamana. Na izany aza dia tokony manao ezaka lehibe mba hahazoana antoka fa vita vaksiny avokoa ny zaza rehetra vantany vao mety amin'ny taonany ny karazam-baksiny rehetra (jereo p. 147). Noho izany, raha manana vata fampangatsiahana, dia tokony ampidirina ao amin'ny fitaovana fitsaboana ananan'ny tanàna ny vaksiny —indrindra ny vaksiny ho an'ny DPT, lefakozatra, raboka, ary kitrotro.

TENY HO AN'IREO MPITAZONA FIVAROTAM-PANAFODY EO AN-TANANA

Raha mivarotra fanafody ao amin'ny toeram-pivarotanao ianao dia mety hanontany ny fanafody tokony vidiany sy ny fotoana hampiasana izany anao ny olona. Manana toerana lehibe eo amin'ny fahalalàn'ny olona sy ny fahasalamany ianao.

Ity boky ity dia mety hanampy anao hanome torohevitra marina ary hahazoana antoka fa tsy mividy afa-tsý ireo fanafody tena ilainy ny mpividy.

Efa fantatrao fa matetika loatra ny olona no mandany ny hany vola kely ananany amin'ny fanafody tsy manampy azy akory. Saingy afaka manampy azy hamantatra mazava ny zavatra ilainy amin'ny fahasalamany **ianao** mba hampiasany ny volany amimpahendrena. Ohatra:



- Raha tonga mitady sirô ho an'ny kohaka eo aminao ny olona, mpanamafy ny fivalanana toy ny Kaopectate, vitamina B12 na serôma vita avy amin'ny atim-biby mba hitsaboana tsy fahampian-drà tsotra, penicillin hitsaboana folaka na manaintaina, na tetracycline raha voan'ny sery, hazavao azy fa tsy ilaina ireo fanafody ireo ary mety hanimba fa tsy hahasoa azy. Resaho aminy ny tokony atao.
- Raha misy olona te hividy vitamina mampatanjaka, amporisihio izy hividy atody, voankazo, na legioma. Ampio izy hahafantatra fa ireo sakafio ireo dia betsaka vitamina sy otrikaina.
- Raha mangataka tsindrona ny olona dia lazao azy fa ny fanafody atelina koa dia tsy vitan'ny hoe mandaitra mitovy amin'izany fa sady azo antoka kokoa—marina tokoa izany matetika—.
- Raha misy olona te hividy 'fanafody sery' na karazana fitambaram-panafody lafo ho an'ny sery, amporisihio izy hitsitsy ny volany amin'ny alalan'ny fividianana aspirinia tsotra, vongana acetaminophen, na ibuprofen ary mihinana izany miaraka amin'ny rano betsaka.

Ho hitanao fa mora kokoa ny manoro ireo zavatra ireo amin'ny olona raha mijery ny fampahalalana ato anatin'ity boky ity ianao ary miaraka mamaky izany amin'izy ireo.

Amboin'izany rehetra izany, aza mivarotra afa-tsý fanafody tena ilaina. Fenoy ireo fanafody sy fitaovana voalaza ho an'ireo tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana ao An-trano sy ho an'ny Iray Tanàna ny fivarotanao, ary asio fanafody sy fitaovana hafa mana-danja ho an'ny aretina mateti-pitranga eo amin'ny faritra misy anao. Ezaho ny manisy fanafody tsy misy marika, mora vidy na farafaharatsiny fanafody misy marika tsy dia lafo loatra. Ary aza mivarotra fanafody efa lany daty mihitsy, na efa simba na tsy misy ilàna azy.

Ny fivarotanao dia ho lasa toerana hahafantaran'ny olona ny fomba fikarakarana ny fahasalamany'izy ireo. Raha azonao atao ny manampy ny olona hampiasa ny fanafody amimpisainana, miantoka fa ny olona rehetra izay mividy fanafody dia mahalala tsara ny fomba fampiasana izany sy ny fatrany, ary ireo mety hampidi-doza sy ny fepetra raisina, hanampy be tokoa ny fiarahamonina misy anao ianao. Mahereza!